# MADAGASIKARA mandresy ny CORONAVIRUS

BULLETIN D'INFORMATION N°01 : 20 - 26 juillet

24 JOLAY 2020:

## FIHAONAN'NY MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA TAMIN'NY MPANAO GAZETY



Nihaona tamin'ny mpanao gazety ny ekipan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka ny 24 jolay 2020 lasa teo tao Ambohidahy. Tamin'izany no nanambara i Pr. AHMAD Ahmad, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, fa mbola maro ny ezaka hatao amin'ny ady amin'ny fihanaky ny coronavirus ka ilana ny fiarahamientan'ny rehetra , ny fanohanana sy fiarovana ny mpiasan'ny fahasalamana manoloana ny asa hataony. Notsindriny ihany koa fa ny Ministera izay tarihany dia manokatra lalana hanamora ny fanatanterahana ny asa fa ny Praiminisitra sy ny Filoham-pirenena no manapakevitra. Ankoatra izany dia nanazava koa i Pr. SOLOFOMALALA Gaëtan Duval, Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, fa ny asa rehetra izay natao sy mbola hatao dia mianga foana amin'ny paikady novolavolain'ny ekipan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny fanatanterahana izany kosa dia iharahana amin'ny CCO sy ny governemanta iray manontolo.

23 JOLAY 2020:

## «RESPIRATEURS» 14 NO AZON'NY CHU JRA AMPEFILOHA



«Respirateurs» miisa 14 no natolotry ny Masoivoan'ny Frantsa eto Madagasikara ho an'ny CHU Joseph Ravoahangy Andrianavalona Ampefiloha ny 24 jolay 2020 lasa teo ho fanamafisana ny fandraisana an-tanana ireo «forme grave» ny mararin'ny coronavirus. Mitentina 426000 euros ireo fitaovana ireo.

Ny Minisitra, Pr. AHMAD Ahmad, no nandray izany tamin'ny anaran'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka.

23 JOLAY 2020:


## MITOMBO HATRANY NY ISAN'NY OLONA MISITRAKA NY TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA ENY AMIN'NY CSB




Mandray andraikitra mivantana amin 'ny fanakanana ny fihanaky ny coronavirus ny CSB miisa 40 eto Antananarivo. Mitotaly 13590 ny isan'ireo olona nisitraka ny Tolotra ara-pahasalamana maimaimpoana teo anivon'ny Tobimpahasalamana fototra ny 14 ka hatramin'ny 20 jolay 2020: 11212 teto andrenivohitra (18 CSB), 1144 tao Atsimondrano (17 CSB), 1184 tao Avaradrano (5 CSB). Ny vitamine C, Paracétamol, Magné B6, .... no nozaraina nandritra ny fanomezana ny tolotra ary mbola manohy ny asa andavanandro ny CSB.

23 JOLAY 2020:

## FANOFANANA MOMBA NY «COMMUNICATION SUR LES RISQUES PENDANT LES URGENCES SANITAIRES» HO AN'NY TOMPONDRAIKITRA ANY AMIN'NY FARITRA




Taorian'ny fiofanana ho an'ny Teknisiana eto anivon'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Mpisehatra amin'ny Fahasalamana momba ny «Communication les risques pendant les Urgences sanitaires» dia notanterahana ny Alakamisy 22 Jolay 2020 teo ny fiofanana anjaran'ireo solotenan'ny Foibem-paritry ny Fahasalamana manerana ny Nosy. Izany no tontosa dia noho ny fiarahamisa teo amin'ny Ministeran'nyFasalamam-bahoaka sy ny OMS.

22 JOLAY 2020:

## FITAOVANA SY FANAFODY MARO NO TONGA ANY AMIN'NY FARITRA SAVA



Noraisin'ny Foibem-paritry ny Fahasalamana any amin'ny Faritra SAVA ireo fitaovana sy fanafody handraisana an-tanana ireo mararin'ny Covid-19.

Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka moa no nandefa izany ho fanamafisana ny fanakanana ny fihanaky ny coronavirus sy hiatrehana sahady ny tranga mety hanhirana hiseho.

Tsy ny faritra SAVA ihany no hahazo izany fa mbola hitohy amin'ny faritra rehetra manerana an'i Madagasikara.

**Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka**
http://www.sante.gov.mg/ministere-sante-publique/
https://web.facebook.com/minsanp/
https://web.facebook.com/infodps/

**Fifandraisana**
infodirpromosante@gmail.com
034 04 035 94

**Malagasy mifampitsinjo, mandresy ny coronavirus**

# MADAGASIKARA mandresy ny CORONAVIRUS

BULLETIN D'INFORMATION N°01 : 20 - 26 juillet

24 JUILLET 2020:

## POINT DE PRESSE A AMBOHIDAHY DU MINISTÈRE DE LA SANTÉ PUBLIQUE





L' équipe du Ministère de la Santé Publique a rencontré les journalistes le 24 Juillet 2020 à Ambohidahy. Le Pr. AHMAD Ahmad, Ministre de la Santé Publique a déclaré que nombreux sont encore les efforts à entreprendre dans la lutte contre la propagation du Coronavirus, un combat de longue haleine qui repose sur la participation de tout un chacun. Il a également souligné que son Département Ministériel s'attèle à la recherche et à l'ouverture de meilleures voies en vue de réaliser les tâches qui lui incombent mais la prise de décision revient au Premier Ministre ainsi qu'au Président de la République. Par ailleurs, le Pr. SOLOFOMALALA Gaëtan Duval, Secrétaire Général du Ministère, a expliqué que toutes les activités réalisées et celles en cours découlent de la stratégie conçue par l'équipe du Ministère de la Santé Publique. « Quant à sa mise en œuvre, elle s'opère en collaboration avec le CCO et toutes les entités gouvernementales », a-t-il ajouté.

23 JUILLET 2020:

## LE CHU JRA AMPEFILOHA A REÇU 14 RESPIRATEURS



Le CHU JRA Ampefiloha a reçu 14 RESPIRATEURS de la part de l'Ambassade de France à Madagascar le 24 juillet dernier en vue de renforcer la prise en charge des patients atteints de COVID-19 présentant de formes graves.

Le Pr. AHMAD Ahmad, Ministre de la Santé Publique a reçu cette dotation d'une valeur de 426000 euros.

23 JUILLET 2020:

## LE NOMBRE DES BÉNÉFICIAIRES DES OFFRES DE SOINS AUPRÈS DES CSB À ANTANANARIVO EN CROISSANCE CONTINUE

40 CSB de la capitale s'activent dans la lutte contre la propagation du Coronavirus. Près de 13 590 usagers ont bénéficié gratuitement des offres de soins auprès des Centres de Santé de Base du 14 au 20 Juillet dont 11212 dans le district d' Antananarivo ville (18 CSB), 1144 dans le district d'Atsimondrano (17 CSB) et 1184 dans ledistrict d' Avaradrano (5 CSB). De la Vitamine C, du Paracétamol, du Magné B6, … ont été distribués auprès de ces centres de santé qui poursuivent leurs activités quotidiennes.




23 JUILLET 2020:

## FORMATION DES RESPONSABLES EN SANTÉ DANS LES RÉGIONS SUR LA «COMMUNICATION SUR LES RISQUES PENDANT LES URGENCES

Après la formation des techniciens du Ministère de la Santé Publique et acteurs en santé Publique sur la «Communication sur les risques pendant les Urgences sanitaires», les représentants des Directions Régionales de la Santé dans toute l'île ont été également formés le Jeudi 22 Juillet 2020. Cette initiative résulte de la collaboration étroite du Ministère de la Santé Publique avec l'Organisation Mondiale de la Santé.



22 JUILLET 2020:

## DE NOMBREUX ÉQUIPEMENTS ET MÉDICAMENTS PARVENUS À LA RÉGION SAVA



La Direction Régionale de la Santé Publique de SAVA a reçu ces équipements et médicaments envoyée par le Ministère de la Santé Publique en vue de renforcer les mesures de prévention et de lutte contre la propagation du Coronavirus.

Cette dotation s'étendra dans les autres régions de Madagascar.

Ministère de la Santé Publique
http://www.sante.gov.mg/ministere-sante-publique/
https://web.facebook.com/minsanp/
https://web.facebook.com/infodps/

Contact
infodirpromosante@gmail.com
034 04 035 94

**Malagasy mifampitsinjo, mandresy ny coronavirus**